


## ALAHADY FAHA-3 MANDAVANTAONA D



### « Nampianatra tao amin'ny sinagôgan'izy ireo Izy, ka nankalazain'izy rehetra » (Lk. 1: 15))

Ry Kristianina havana, amin'izao mandavantaona izao dia fandalinam-pinoana no ataontsika izany hoe miainga amin'ireo vakiteny arosôn'ny Eglizy amin'izao taonan'i Md Lioka izao, dia halalinintsika ny fiainan'I Jesoa mba ho zary fiainantsika, izany ny maha-kristianina mpanara-dia an'i Kristy antsika. Izany indrindra no ezaka tiantsika atao sy tanterahina amin'izao SINAODY IZAO hahatonga antsika ho EGLIZY OLONA VELONA MIARA-DIA VELOMIN'NY BATEMY KA MIOMBONA MANDRAY AN-TANANA

IRAHINA ZARY TABERNAKLA VELONA. Raha atao amin'ny teny hafa ny tanjona dia ny hahatonga antsika ho OLON-DEHIBE AMIN'NY FINOANA ; Katolika aho ka mivelona ny finoako. Katolika aho ka raisiko an-tànana izay inoako, ankalazaiko izay inoako, Eglizy Olona Velona tokoa aho.

Vakiteny I : Nehemia 8, 2-4a,5-6,8-10  
Tononkira : Salamo 19  
Vakiteny II : 1 Korintiana toko 12, 12-3  
Evanjely : Lioka1, 1-4, 4,14-21

Amin'izao Alahady faha-3 mandavantaona dia manohy ny fianarana ny fiainan'I Jesoa isika mba ho KRISTIANINA. Miaraka amin'I Md Lioka isika amin'ity taona D ity fa I Md Joany kosa no novakiana tamin'ny Alahady lasa, mitantara ny fanovan'I Jesoa ny rano ho divay, izay manambara fa eo anivontsika I Jesoa. Raha mitoetra ao aminy isika dia itoerany, miova ny fiainantsika no sady mamokatra tsara ka mahaso amin'ny fiainantsika. **ary nahafaly** Faly ireo izay nasaina tao Kana tamin'izany fotoana izany, nino ny mpianatra satria nahita ny voninahitr'Andriamanitra tamin'ny famantarana nataon'I Jesoa io. Tsy irery isika amin'izany fa miara-dalana amintsika I Masina Maria. Hatramin'ny voalohany dia teo mandrakariva I Masina Maria miara-dalana ary milaza amintsika hoe : “ataovy izay rehetra lazainy aminareo...”

Mba hivelomantsika an'izany rehetra izany dia ampitain'ny Eglizy androany àry fa ny tenin'Andriamanitra dia natao hanampy antsika hifanotrona, hifanasoa ka hiroso ho olo araiky ao amin'I Kristy isika, ho EOY manorina ETA.

Izany no antintraterin'ireo vakiteny androany. Babo ny vahoakan'Israely, potika ny fiainan'izy ireo tany amin'ny fahababoana. Azo lazaina fa izany koa manjo antsika miatrika izao KORONTANAVIRUS izao. Babo isika, tsy hitantsika izay aleha. Voasesitany. Misy lesona lehibe azontsika raisina avy amin'ny vahoakan'Andriamanitra niatrika ny krizy eto. Napetrak'izy ireo tsara eo anivony sy ivon'ny fiainan'izy ireo ny Tenin'Andriamanitra araka ny voalaza amin'ny vakiteny voalohany *“Novakiny teo anatrehan'ny lehilahy sy ny vehivavy mbamin'izay efa manan-tsaina hahafantatra azy ny boky, teo amin'ny kianja anoloan'ny vavahadin'ny Rano, hatramin'ny maraina ka mandra-pisasaky ny andro, ary nampandry sofina nihaino ny bokin'ny lalàna avokoa ny vahoaka.”* Fampianarana lalina ho antsika izany. Azontsika honona tsara ankehitriny ny mahatonga antsika mivolana fa ilaina ny fananantsika Baiboly. Tsy atao haingon-trano fa atao hampiasaina, hanampy hivelomana ny finoana. Izany no nataon'ny vahoakan'Andriamanitra voasesitany. Torolalana ho antsika izany fa indrindra isika miatrika izao Sinaody izao. Raha te-ho taranaka mpanorina tokoa isika, mpanorina Eglizy Olona velo, Fianakavian'Andriamanitra, FRATELLI TUTTI, MPIRAY TAMPO ISIKA JIABY, OLO ARAIKY ISIKA JIABY ka vonona manorina ny Tranon'Andriamanitra Eglizy Trano fa eo koa ny Tranoben'Andriamanitra izay efa tena potika amin'izao. Aoka ho raisintsika ny tenin'Andriamanitra hanilo ny fiainantsika mba tsy ho *“very fanahy mbola velona isika”*. Ampirishina mandrakariva isika fianakaviana, Eglizy kely, mba samy hanana baiboly ka hiaraka hamaky ny tenin'Andriamanitra. Aoka hoentintsika hiderana sy hianarantsika tokoa ny tenin'Andriamanitra, hanoro lalana antsika tahaka tamin'ny andron'I Elia. Mba hahay handray ny tenin'Andriamanitra anie isika fa indrindra rehefa andro masina ho an'ny Tompo, izany hoe Alahady ka aza asiana fisaonana intsony *“Mandehana mihinana hena matavy sy misotro zava-pisotro mamy, ary anatero anjara izay tsy nahavoatra, fa masina ity andro ity ho an'ny Tompontsika; ka aza malahelo fa ny fifaliana amin'ny Tompo no herinareo.”*

Tanteraka androany izany, hoy I Jesoa, ao amin'ny Evanjely : *“Ato amiko ny fanahin'ny Tompo hirahina hitory vaovao mahafaly aho”*. Raha entanin'ny Fanahin'Andriamanitra isika ilay Fanahy manoro lalana antsika dia handalina ny finoana tokoa isika. Henontsika i Jesoa ilay zanak'Andriamanitra nihaino tsara ilay fampianarana tao amin'ny Sinagoga, nandray ny tenin'Andriamanitra ary nanolotra izany tamin'ireo vahoaka. Isika tsirairay koa mba hahay ny tenin'Andriamanitra ary hizara azy izany hoe handalina ny fionantsika isika ka handray an-tànana ny finoantsika, hankalazaintsika tahaka an'i Jesoa tao amin'ny sinagoga ka hitondra sy hizara azy amin'ny mpiara-belona. Ho feno ny Fanahy masina isika ka hizara an'izany tahaka nataon'i Md Lioka nilaza amin'ny fanombohan'ny Evanjely vakina androany manao hoe : *“Noho ny maro efa nanoratra ny tantaran'ny zavatra inoana tokoa amintsika sy noraisintsika tamin'ny vavolombelona sady nahita maso no mpitory teny hatramin'ny voalohany, dia nataoko fa mety koa, rahefa niala nenina aho hahalala tsara ny zavatra rehetra hatramin'ny niandohany, ny hanoratra azy milamina tsara ho anao, ry Teofily manan-kaja, mba ho fantatrao fa marina tokoa izay nampianarina anao.”*

Aoka isika handray am-pananjana ny tenin'Andriamanitra sy hivelona azy eo amin'ny fiainantsika andavanandro. Ho tahaka an'i Nehemia amin'ny vakiteny voalohany tokoa isika ary ho tanteraka ny voalazan'ny Evanjely *“ Androany ho tanteraka izany voasoratra izany”*. Tanteraka tokoa izany raha

mandray an'i Jesoa eo amin'ny fiainantsika isika fa indrindra amin'izao Sinaody izao. Taitra ireo nihaino an'i Jesoa tamin'izany ka nifantoka teo aminy ny mason'olona rehetra tao amin'ny sinagoga. Manambara izany fa arakaraky ny ametrahantsika ny anjara toeran'ny tenin'Andriamanitra no mampisy dikany ny fiainantsika manontolo.

Azo lazaina fa fanambarana ôfisialy ny vokasiony no nataon'i Jesoa eto. Azontsika honona fa misy zavatra telo no mamaritra ny vôlekasiona. Tsara ny miresaka izany amin'izao début de l'année izao. Voalohany avy amin'Andriamanitra ny antso. Ato amiko ny Fanahy hoy I Jesoa. Mila ny Fanahy Masina isika ary izany no mahatonga antsika mivavaka ho an'ny vôlekasiona. Faharoa ianao tompon-tena no mamaly ny antso. I Jesoa no eto ka milaza izy "maniraka ahy". Fahatelo hanao inona? Izany hoe tsy maintsy manana fiainana mifanaraka amin'ny Antso avy amin'Andriamanitra sy ny valy avy aminao. Izany indrindra no ambaran'i Jesoa "*hanambara ny Vaovao Mahafaly...*". Samia àry isika mandinika ny vôlekasiontsika.

Ambaran'i Md Paoly amin'ny vakiteny faharoa fa raha eo anivontsika tokoa ny tenin'Andriamanitra, manilo antsika izany tenin'Andriamanitra izany dia vatana iray tokoa isika, fianakaviana iray, Olo Araiky isika ka afaka mifampizara ny manta sy ny masaka. Ireo talentantsika rehetra dia entintsika hanasoavana ny hafa. Na dia misy aza ny mpanenjika, aoka ho tahaka an'i Jesoa isika, na dia nisy aza ireo tezitra taminy nijoro ho vavolombelona izy.

Aoka ny fijoroantsika ho vavolombelona tsy hoe entina hanaovana hetraketraka na hampaniriana ny hafa sanatria fa kosa hanehoana ny fitiavana sy ny asam-panasoavana araky ny voalazan'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny "*Ny olona miombona amin'i Jesoa, ny olona manasoava, ny olona tena tia dia tsy hoe resaka sentosento fa entina eo amin'ny fiainana*". Izany ny fampianarana fototra ho entintsika amin'izao herinandro vaovao izao, izay hivelomantsika ny tenin'Andriamanitra. Ho fiainana miombona amin'i Jesoa tokoa ny fiainantsika na inona ataontsika dia ao anatin'izany fifankatiavana izany ary apetratsika amin'ny toerany ny tenin'Andriamanitra. Hanilo ny ataontsika rehetra anie ny tenin'Andriamanitra ka lasa fiainana ho antsika, ho zary fitiavana. Zaraintsika amin'ireo mpiarabelona amintsika ka ho taranaka mpanorina tokoa isika satria olo araiky amin'Andriamanitra "*Vatan'i Kristy ianareo ka samy rantsambatany manaraka ny laharany tsirairay avy*".

Ny talenta omen'Andriamanitra antsika dia ho entintsika hanompoana ny hafa, fanompoana ny vokatry ny fandraisantsika ny tenin'Andriamanitra dia i Jesoa eo amintsika. Tsy hoe ho entina hireharehana ny maha kristianina antsika fa entina hanompoana ny hafa. Manao ny asan'Andriamanitra isika tsilovin'ny Tenin'Andriamanitra dia Andriamanitra hanao ny asantsika.

Ry Jesoa Tompo ô, tantarain'i Md Lioka ny fanombohanao tamin'ny fitoriana ny Vaovao mahafaly, roarivo taona lasa izay. Manambara mazava ny "vokasionao" ianao. Iraka ny Ray hitory ny Vaovao Mahafaly : "*Ato amiko ny Fanahin'ny Tompo, fa nanosotra ahy hitory teny soa mahafaly amin'ny malahelo izy sy naniraka ahy hankahery ny torotoro fo, hilaza fahafahana amin'ny mpifatotra sy fahiratana amin'ny jamba, hanafaka izay nampahorina ary hitory ny taom-pahasoavan'ny Tompo sy ny andron'ny famaliana.*

*Tsy miafina amainao ny fiainanay. Maro ny fahoriana, maro ny zavatra mamatotra anay.... "*. Mbola maro be koa ny tsy mahalala anao, ampio izahay, iraho ny Fanahy masina ho aminay ka hahatonga anay hitory ny Vaovao mahafaly eo amin'ny manodidina anay ary ho hita amin'ny alalan'ny fiainanay izany tahaka ny nataonao eo amin'ny mpiara-miaina sy iray tanàna aminao

nitorianao teny. Ampio izahay hijoro vavolombelona ka ny teninao hahatonga anay ho tena mpanorina tokoa tahaka anao izay fantatray fa nanaitra ny olona ny fitoriana.

Enga anie izahay amin'ny ataonay rehetra hahatarika ny olona hahatsapa fa ao aminao no tena fiainana ka ho Eglizy Olona Velona tokoa izahay ho taranaka mpanorina tokoa amin'ny ataonay rehetra. Masina Maria Reny, ianao nanampy ireo Apostoly hahalala an'I Jesoa. Mivavahà ho anay hahay hanararaotra izao Sinaody izao ka hahalala bebe kokoa an'I Jesoa, hahalala ny v&ocirc;kasionay hahatonga koa ho Kristy Mpiara-belona amin'ny olona ho Tabernakla velona. Md Josefa, Ray Mpiaro ny Eglizy ianao mivavahà manokana ho an'ny Ray rehetra, sy ho an'ireo tompon'andraikitra mba samy hahalala ny v&ocirc;kasiony tahaka anao. Amen

Mompera Arsevka Benjamin Ramaroson